

HO DIOSEZY MAINTSO

Ho fankatoavana ny fitarihan'ny **Papa Ray masina, Fransoa**, hiaraha-mikolokolo sy manatsara ny **“Tranobe lombonana”** na ny tany onenantsika an-dalam-paharavàna ity, dia hankalazaintsika ny:

ANDRO KATOLIKA HO FIAROVANA NY VOAARY “izay mandoro tanety mamono taranaka ary izay mambolo hazo manome aina”

Isaorana ireo Diosezy izay efa nanatanteraka ny fambolen-kazo ho fanentanana ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Mbola maro anefa ny adidy miandry antsika amin'ny fikolokoloana ny voaary izay nomen'Andriamanitra antsika. Izay no hankaherezana antsika rehetra handray andraikitra amin'ny sehatra rehetra amin'ny fiarovana ara-drariny ny voaary tontolo.

Noho izany indrindra no nahatonga anay ato amin'ny Vaomieran'ny Eveka momba ny fifandraisan'ny mpiara-belona, ny Vaomieran'ny Eveka momba ny fampianarana sy ny fanabeazana katolika, ny Vaomieran'ny Eveka momba ny asa fanirahana ataon'ny lahika, hanentana antsika rehetra manerana an'i Madagasikara hanamarika ny “andro katolika ho fiarovana ny voaary” ny zoma 05 sy sabotsy 27 febroary 2016, hifarimbona amin'ny fanatanterahana izany ezaka izany.

Zava-kendrena :

Fahaizan'ny olombelona hifehy ny voaary mba hampivoatra azy ka hananany tontolo mendrika ny maha-olona.

Fahaizana mikolokolo sy miaro ny voaary sy ny tontolo iainana, hahasalama.

Fananana fitondran-tena mendrika amin'ny fitantanana ara-drariny ny voaary tontolo

Fanajariana ireo izay heverina ho fako mba hampihena ny fahalotoan'ny tontolo iainana

Fifanampiana mba hampivoarana ireo olona sahirana sy fadiranovana

Toy izao ny fandrindrana ireo fotoana ireo :

Zoma 05 febroary 2016 : Famelabelaran-kevitra sy fifanankalozana atao any Antananarivo renivohitra fa ezahina hampitaina amin'ny haino aman-jery arak'izay tratra, ho tanterahina miaraka amin'i Monsenera Paolo Rocco solotenan'ny Papa eto amintsika

Sabotsy 27 febroary 2016

Hetsika iombonana manerana an'i Madagasikara

Fomba atao: Samy mamaritra ny asa fiarovana ny voaary araka izay azo atao eo amin'ny faritra misy azy ny Fianganana, ny Sekoly, ny aomoneria, ny trano fiofanana, ny ankohonam-piainana relijiozy, ny Fikambanana masina sy ny Vaomieran'Asa.

Hetsika mety hatao: Fanadiovana ny faritra manodidina, fikarakarana ireo mahantra sy be antitra ary ireo manana fahasembanana, fikolokoloana zaridaina na ireo fambolen-kazo efa natao, fanadiovana toera-pitsaboana na fitaizana zaza kamboty, manao sora-baventy fanentanana,...

Marika azo atao hiombonana : Hatsangana amin'ny faritra hanaovana ny hetsika ny fanevan'i Vatican (mavo sy fotsy), ary asiana izany famantarana izany ihany koa ireo mpandray anjara (ohatra: foulard na brassard, fanamiana)

Andeha ary isika hiara-hientana haneho ny famindrapon'Andriamanitra amin'ny teny sy ny fihetsika ary ny asa ataontsika ao anatin'ny fiombonana fa izany no maha-izy ny Fianganana.

Entanina manokana koa isika fa ao anatin'ny vavaka hasivian'andro iomanana amin'ny *fitsarana kanônika* ampandrosoana an'i **Lucien Botovasoa** hatao ny 1° marsa io 27 febroary io.

Dia ho aminareo anie ny fitahian'Andriamanitra.

Hoy ity Mpanomponareo

Mgr Rabemahafaly Fulgence arsevekan'i Fianarantsoa